REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ARTEC

Autorité de Régulation des Technologies de Communication

# FILAZANA

Ho fisorohana hatrany ny mety ho fifanitsahana eo amin'ny fifandraisana mampiasa ireo onjam-peo samihafa sy ho fitandrona ny fiarovam-pirenena, ny fampiasana ireo fitaovana fifandraisana mampiasa onjam-peo sy tambazotram-pifandraisana dia ilàna ny fahazoan-dalana avy amin'ny fahefam-pandrindrana ny fifandraisan-davitra eto Madagasikara na ny Autorité de Régulation des Technologies de Communication (ARTEC).

Ho fampiharana hatrany ny didim-panjakana laharana 99-228 natao ny 24 Martsa 1999 mahakasika ny fandrindrana sy fitantanana ny onjam-peo sy onjam-pifandraisana ilàna radio, ny ARTEC dia mampahafantatra ny be sy ny maro fa :

- Tsy azo atao ny mampiasa onjam-peo na onjam-pifandraisana tsy nahazoana alalana avy amin'ny ARTEC ;
- Tsy azo atao ny mitazona fitaovam-pifandraisana mampiasa onjam-peo tsy nahazoana alalana fampiasana azy avy amin'ny ARTEC ;
- Ireo fitaovam-pifandraisana mampiasa onjam-peo dia tokony nahazoana fanekena avy amin'ny ARTEC ny fampiasana azy manaraka ny fenitra voafaritra mialoha ny hivarotana na ampiasana azy ;
- Tsy azo atao ny mitrandraka toeram-panariahana onjam-peo tsy nahazoana alalàna avy amin'ny ARTEC ;
- Tsy azo atao ny mampiasa fitaovana fampitàna onjam-peo mety miteraka fanakorontanana ny fitaovam-pifandraisan-davitra ampiasaina anabakabaka sy andranomasina.

Marihana ihany koa fa ireo fitaovam-pifandraisandavitra dia tokony nahazoana taratasy fanekena avy amin'ny ARTEC izay vao azo ampidirina eto an-toerana.

Ny tsy fanajana ireo fe-petra voalaza ireo dia miteraka ny fandoavana sazy onitra, fiazonana ny fitaovana nampiasaina na ny fisintonana ny fahazoan-dalana nomena.

Ny ARTEC dia miantso hatrany ireo olona na antokon'asa voakasik'izao filazana izao mba hanaraka ny lalàna sy fe-petra voafaritra hisorohana ny mety ho fampiharana ny sazy.

Ny Mpitantana

AUTORITE DE REGULATION DES TECHNOLOGIES DE COMMUNICATION
ARTEC

STAT : 72103 11 2002 0 01946
Siège : Rue Ravoninahitriniarivo Alarobia - 101 Antananarivo - MADAGASCAR
Tél : + 261 20 22 421 19 - Fax : + 261 20 23 215 16 - Site web : www.artec.mg - Mail : artec@artec.mg